REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERE DES TRANSPORTS ET DE LA METEOROLOGIE

SECRETARIAT GENERAL

DIRECTION DU SYSTEME D'INFORMATION ET DE LA COMMUNICATION

Antananarivo, faha 31 JUIL 2014

N°005-14MTM/SG/DSIC.

FANAMBARANA

Ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro dia mampahafantatra ny besinimaro fa nisy fiara mpitatitra olona avy any amin'ny faritry SAVA, hihazo an' Antananarivo, niharan-doza teo amin'ny tetezana Tanambao Manambaro, distrika Analalava. Nitondra olona 55 io fiara io ka ny 08 no namoy ny ainy, 33 naratra ary ny ambiny kosa nieren-doza.

Nandray ny andraikiny avy hatrany ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro sy ny Antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety (ATT) ary ireo manampahefana ao Antsohihy sy Ambanja tamin'ny fikarakarana ireo niharan-doza.

Isaorana manokana ny vadin'ny Filoham-pirenena, RamatoaVoahangy Rajaonarimampianina noho ny fanampiana ara-bola sy ara-pitaovana natolony an'ireo niharam-boina.

Koa ampahatsiahivina ny mpampiasa lalana rehetra, fa mampidi-doza ny fandehanana mafy, indrindra ny fifanenjehana an-dàlana.Tokony hitandrina hatrany isika, ka hanaja antsakany sy andavany ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana, indrindra amin'izao fotoam-pialantsasatra izay mahabetsaka ny fivezivezen'ny olona izao.

Marihina fa ankoatran'ny sazy ara-mpanjakana, *(fisintomana ny "Permis de conduire" sy ny "Licence")* dia hitory ireo rehetra mahavanin-doza toy izao ny Fanjakana.

Ny Talen'ny Sampandraharaharan'ny Torohay
sy ny Fifandraisana

SASEMBO Julia Raymonde